# 15 AOGOSITRA 2021

# MASINA MARIA VIRJINY NAMPIAKARINA

# ANY AN-DANITRA




***Nanao zava-dehibe tamiko ilay Mahefa;***
***nasandrany ireo manetry tena.***

Raha ny marina Alahady faha 20 mandavantaona izao alahady izao nefa noho izy mifanindra amin'ny fankalzana lehibe dia ny faha 15 aogositra izany hoe miombona ny Eglizy eran-tany mankalaza amin'ny fomba manetriketrika ny Nampakarina an'i Masina Maria any an-danitra. Fety lehibe ho an'ny Eglizy izany satria ny fidiran'i Masina Maria ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra no ankalazaintsika anio. Tsara marihina fa hafa ny fomba fiteny raha hilaza an'i Jesoa nitsangan-ko velona sy niakatra any an-danitra. Fa Masina Maria kosa lazaina hoe Nampakarina any an-danitra izany hoe tsy vokatry ny famendrehan'i Masina fa vokatry ny fanomezam-pahasoavana manokana avy amin'i Jesoa Zanany no ampakarana azy. Finoana no andraisantsika an'izany satria i Masina Maria no Renin'i Jesoa ary i Jesoa dia zanak'Andriamanitra ka noho izany dia Renin'Andriamanitra i Maria. Ao amin'ny voninahitry ny zanany izany i Masina Maria ary fanomezam-pahasoavana manokana avy amin'i Jesoa zanany. Avy amin'ny famonjena nentin'i Jesoa izany ka i Masina Maria no nisantatra azy tahaka ny fandraisany an'i Jesoa tao am-bohoka raha nitondra azy ho eo amin'izao tontolo izao izy vokatry ny asan'ny Fanahy Masina.

> ***Vakiteny I :*** *Apôk. 11, 19a; 12, 1-6ab. 10ab*
> ***Salamo :*** *Sal. 44*
> ***Vakiteny II :*** *1 Kôr. 15, 20-26b*
> ***Evanjely :*** *Lk. 1, 39-56*

Toy izany koa ny fanomezam-pahasoavana ny amin'ny maha notorontoronina tsy azonkeloka azy "Immaculée conception", izany no finoan'ny Eglizy katolika.

Ny fomba fisehoan'ny finoana dia tsy hoe mandeha ho azy fa vokatry ny asan'ny Fanahy Masina sy ny fandalinantsika olombelona an'izany finoana izany ka omen'i Jesoa sy omen'Andriamanitra ny Eglizy. Noho izany dia efa tsaroan'ny Eglizy hatramin'ny voalohany ny nampakarina an'I MASINA MARIA any an-danitra, ary efa niainany sy natokisany tamin'ny nolazaina fa Andriamanitra tokoa i Jesoa, olona faharoa amin'ny Trinite masina, tonga olombelona tamin'ny alalan'i Masina Maria. Koa raha tafiditra amin'ny voninahiny i Jesoa dia nampidiriny manokana amin'izany fahasoavana ao amin'ny voninahiny izany koa ny reniny izay zary santatra ho antsika. Izany no finoana efa nankalazain'ny eglizy hatramin'izay nambara ho Teny finoana (dogma) taty aoriana.

Nanomboka tamin'ny taona 1950 ny Papa Pie faharoa ambin'ny folo no nanambara amin'ny fomba manetriketrika ny dogma rehefa niseho tamin'ny Mb Catherine Labouré tao amin'ny rue du bac Paris sy niseho tamin'ny Mb Bernadette tao Lourdes i Masina Maria. Nanomboka tamin'izay àry dia neken'ny Eglizy ny dogma ny amin'ny niakaran'i Masina Masina any an-danitra.

Tsara marihina tsy hoe Andriamanitra i Masina Maria, olombelona toa antsika izy ary izany no mahafaly antsika satria olombelona izy no nisantatra izany fahasoavan-dehibe izany. Raha miombona amin'i Jesoa tahaka ny nataon'i Masina Maria isika dia any koa no hivantanantsika. Raha mitoetra ao amin'i Jesoa isika dia mamokatra eny fa hatramin'ny fiainana mandrakizay. Mamokatra amin'ny Eglizy Olona Velona eto an-tany sy ny Eglizy any an-danitra izay any no misy an'ireo Olomasina ary i Masina Maria no lohalaharana amin'izany. Masina izy ireo satria miombona tanteraka amin'Andriamanitra ary dia izany no ankalazaintsika androany faha-15 aogositra. Tsara marihina koa fa i Masina Maria no nisantatra izany rehetra izany horaisintsika rehetra ary santarintsika ihany koa amin'ny alalan'ny Eokaristia araky ny efa nolazaintsika teo. MASINA MARIA dia nandray ny Fanahy Masina ary isika koa amin'ny alalan'ny batemy sy konfirmasio dia mandray ny Fanahy Masina ka miombona amin'i Jesoa tokoa ary tonga Kristy mpiara-belona amin'olona. Masina Maria koa dia nisantatra ny fiombonam-pijaliana tamin'i Jesoa teo am-pototry ny hazo fijaliana. Notanterahin-defona ny fony madio ho azy ka santarintsika koa izany amin'ireny sedram-piainana maro samihafa fa indrindra raha mijoro ho vavolombelona isika. Aoka ho fantantsika fa i Masina Maria no misantatra fa isika ihany koa dia miandry an'izany sady feno fanantenana sy finoana ny fiombonana amin'izany.

Tsara marihina ihany koa fa izay rehetra iainantsika dia entintsika any amin'ny fiainana mandrakizay ka aoka hiezahantsika ny hahatonga antsika ho tena Eglizy Olona Velona amin'ny fiainantsika. Tsy ny fahafatesana no faran-teny fa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famindram-pony ary izany no mibaribary amin'ny fampakarana an'i Masina Maria any an-danitra. Izany hoe raha tonga any an-danitra i Masina Maria, lasa Andriamanitra izy fa miombona tanteraka amin'i Jesoa zanany ary izany no mahatonga azy afaka mivavaka ho antsika, mikolokolo sy mikarakara antsika mandrakariva ary miombona anjara amin'ny famonjena entin'i Jesoa zanany amin'ny alalan'ny vavaka izay ataony.

Ny tenin'Andriamanitra haroso ny Eglizy amintsika amin'izao 15 Aogositra izao dia manampy antsika handray ireo fampianarana ireo fa indrindra amin'izao fiomanana akaiky dia akaiky amin'ny fanombohana ny Sinôdy. Tsy inona tokoa ny Sinôdy fa isika miaradalana, miara-mivavaka, miara-

mandinika ka miroso amin'izay fiainana maha-EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA tahaka an'I Masina Maria.

Tsy mandeha ho azy anefa io dia iarahaintsika manao fa ady amin'ireo mamatopatotra antsika. Izay no ambaran'ny Bokin'ny Apokalipsa amin'ny vakiteny voalohany. Matokisa anefa isika fa miombona amintsika I Masina Maria ka izy hivavaka amintsika mandrakariva mba I Jesoa no tompon'ny fandresana farany, hifehy izao rehetra izao. Ny fandreseny tsy inona fa ny fanorenana ny fianakaviamben'Andriamanitra, Olo Araiky isika Jiaby.

Io no mbola antitranterin'I Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa. Ny lahatr'Andriamanitra dia ny haha-olo Araiky antsika Jiaby ao Aminy, ho fianakaviambe ao Aminy.

Ny Evanjely kosa maniraka antsika hanao tahaka an'I Masina Maria. Mila antsika izao tontolo izao. Maro ny olona miandranadra famonjena fa indrindra amin'izao andro sarotra izao. Maron y tahaka an'I Elizabeta.

Eto am-pamaranana an'izao fampianarana izao dia misy zavatra anankiroa tiako hasoangadina, zavatra izay mifandray tanteraka: tsy inona fa tena marim-pototra tokoa ny fananantsika devotion marina na ny fitiavana manokana ananantsika an'i Masina Maria, ary ny faharoa tena mpialoha làlana antsika izy ary izy no nisantatra izany rehetra izany ka zary modely ho antsika tokoa amin'ny fiombonana amin'i Jesoa, amin'ny fitokisany amin'i Jesoa, amin'ny fandraisany ny tenin'Andriamanitra dia i Jesoa. Raha mandray ny tenin'Andriamanitra ka mivelona ny tenin'Andriamanitra tahaka azy isika, izy izay nanao hoe "Inty aho, aoka ho tanteraka amiko araka ny teninao", dia ho tanterahin'Andriamanitra ao amintsika koa ny sitrany. Raha manao ny sitrak'Andriamanitra dia mitoetra ao amintsika i Jesoa sy itoerany isika dia hamokatra ny fiainantsika. Jesoa rahateo nilaza tamintsika : "ny Rahalahiko, ny anabaviko, ny reniko dia izay manao ny sitrapon'ny Raiko". Io indrindra no ezahintsika amin'izao Sinôdy hahatonga hahita ny sitrak'Andriamanitra ka hanatanteraka azy dia ho Pantekoty vaovao hirosantsika amin'ny depart vaovao

Tahaka an'I Masina Maria isika nahazo Iraka ka miroso mizara ny tenin'Andriamanitra amin'ny mpiara-belona.

I Masina Maria no modelin'ny tabernakla ho antsika satria nitoeran'i Jesoa izy, io no tabernakla hitantsika ao an-deglizy izay mirehitra lalandava, toerana itoeran'i Jesoa ka isika koa no tabernakla amin'izao andro iainantsika izao. Masina Maria no modely ho antsika amin'ny fandraisana an'i Jesoa. Izy koa no modely ho antsika amin'ireo fahaizana mandray ireo fijaliana isan-karazany fa indrindra ity KORONTANAVIRUS ity. Tsy ireo no faran-teny fa ireo no mampiombona antsika amin'i Jesoa mijaly ka miara-maty amin'i Jesoa amin'ny fahotana isika ka hiaraka hitsangana Aminy koa ka ny fiainana mandrakizay no tanjona ho antsika. Enga anie i Masina Maria nampakarina any an-danitra hiara-dàlana amintsika mandrakariva fa indrindra amin'ireny fotoan-tsarotra ireny ka hampirehidrehitra ny finoantsika ho entintsika misedra ireny fiainana maro isan-karazany ka hampamokatra azy eo amin'ny fiainantsika.

Ry Kristianina havana, aoka hanahaka an'i Masina Maria ny fiainantsika ka amin'izay dia hiombona anjara aminy koa isika any amin'ny fiainan-koavy ka hiaraka hidera sy hankalaza ny Trinite masina tahaka azy hiaraka amin'ny anjely sy ny olomasina rehetra.

Ry Jesoa zokinay ô, i Masina Maria dia miombona voninahitra Aminao any an-danitra, reninao izy nandalo tety an-tany, nahalala ny fiainanay olombelona, ny hafaliana, ny fahoriana, ny tebiteby, ny fanantenana sy ny hakiviana, koa ampio izahay hanahaka azy reninao hahay handray Anao sy hitondra Anao eo amin'ny mpiara- belona, ho tabernakla velona izahay fa indrindra amin'izao fanantanterahana ny Sinôdy izao ka ho taranaka mpanorina tokoa izahay, tahaka an'i Masina Maria nanorina fiainam-baovao ao Aminao, ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Md Josefa Ianao no Ray Mpiaro ny Eglizy Erantany ento ambavaka ny ezaka rehetra ataonay amin'izao fiomanana amin'ny Sinody sy fankalzana ny faha 120 taona niorenan'ny Eglizy Masin'I Msely Arkanjely eny Joffre Ville. Izany no manambara fa efa marimpototra ny Eglizy eto aminay. Enga anie izay ho zary EOV hanambara amin'ny manodidina ireo zavamahagaga nataon'Andriamanitra taminay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson